Gazette Tohiravina 6-Mars.pdf 1 01/04/2025 15:40:24

GAZETY
# tohiravina
TERAKA

**N°06 - Mars 2025**

www.teraka.org - *maimaimpoana, tsy azo amidy*



**Ireo Soatoavina Fototra TERAKA:** 1.Marina isika / 2.Mahitsy isika / 3.Mangarahara isika / 4.Miasa an-tsitrapo isika / 5.Miasa amin'ny fifanompoana isika / 6.Miasa amin'ny teti-bola ambany hahazoana vokatra lehibe / 7.Samy tompon'andraikitra isika

# MIROSO HATRANY ISIKA: MIARAKA HO AMIN'NY HO AVY MAMIRATRA

**Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :**

1. NY FANANGANANA NY BIRAON'NY FILANKEVIM-PITARIHANA TERAKA : Dingana manan-danja ho an'ny ho avin'ny fandaharanasa
2. DINGANA MANAN-DANJA MAKANY AMIN'NY FANAMARINANA KARBAONA HO AN'NY FANDAHARANASA TERAKA
3. HO AMIN'NY HO AVY MAINTSO KOKOA : Ny fandaharanasa TERAKA sy ny fanisana hazo
4. MIARADIA MITSINJO I : Modely azo alain-tahaka ho an'ny Vondrona Madinika

Raha atao tamberina ny dingana vita nandritra izay dia fotoana niarahantsika izay ry tantsaha namana dia azo fintinina amin'ny teny iray hoe "roso ny dia". Anisan'ny nanamarika iny volana lasa iny ny nitsanganan'ny filan-kevitry ny mpitarika, izay sehatra iray maneho ny maha an'ny tantsaha sy ho an'ny tantsaha ny fandaharanasa TERAKA. Ankoatr'izay dia tontosa ihany koa ny fanisan-kazo sy ny fanamarinana anatiny izany ho an'ny Distrikan'ny Fandriana, sitraka sy telina no aterina ho antsika tantsaha tamin'ny ezaka vita nandritra iny taona lasa iny. "Marina isika, mahitsy isika, mangarahara isika, samy tompon'andraikitra isika": maneho ireo soatoavina ireo tokoa ny zava-bitantsika miaraka. Ankehitriny dia samy velom-bolo isika satria efa miroso amin'ny fanamarinana Karbaona ny fandaharanasa TERAKA. Roso hatrany ny dia arak'izany, tsy ho ela dia ho avy ireo mpanamarina avy any ivelany hanamarina ny asa vitantsika ka andeha hasehontsika fa samy tompon'andraikitra isika, handray azy am-pitiavana isika ary hanao izay hahazoana antoka amin'ny kalitaon'ny fandaharanasa ataontsika.

Gazette Tohiravina 6-Mars.pdf 2 01/04/2025 15:40:28

# 1 .FANANGANANA NY BIRAON'NY FILANKEVIM-PITARIHANA TERAKA: DINGANA MANAN-DANJA HO AN'NY HO AVIN'NY FANDAHARANASA

Notontosaina ny Alakamisy 20 Febroary lasa teo ny fananganana ny filankevim-pitarihana TERAKA voalohany. Nahitana solontenan'ny mpikambana avy ao amin'ny Vondrona Madinika 6 izany ka ny 3 avy amin'ny Faritra Amoron'i Mania, 3 avy amin'ny faritra Itasy ary nahitana mpiara-miasa TERAKA miisa 6 ihany koa. Araky ny fomba fanaon'ny TERAKA rehefa fivoriana moa dia natomboka tamin'ny fiombonana ara-panahy ny fotoana ary nara-hin'ny fanomezan-tso drano sy tenim-pahendrena avy amin'ny Ray aman-dreny avy eo. Ny fivoriana dia nizotra am-pilaminana ary nomarihin 'ny fandraisan'ny tsirairay anjara, izay maneho ny firaisan-kina sy ny fanolorantenan'ny rehetra manamarika ny fianakaviamben'ny TERAKA. Ny tanjon'ity filan-kevim-pitarihana natsangana ity dia ny mba hisian'ny fifandraisana mangarahara sy fiaraha-miasa eo amin'ny mpiara-miasa TERAKA sy ny tantsaha mpikambana. Ity fihaonam-be voalohan'ny filankevim-pitarihana ity no iantombohan'ny fakan-kevitra mba hisian'ny fanatsarana mitohy ny fandaharanasa. Ny fananganana ny biraon'ny filankevim-pitarihana dia noton-tosaina tamin'ny alalan'ny fifidianana izay nandraisan'ny mpanatrika rehetra anjara. Rehefa natao ny fanisam-bato dia toy izao ny valin'izany : RAKOTONDRAMIALY Justin mpikambana TERAKA avy any amin'ny Kaominina Amparaky Distrika Soavinandriana Faritra Itasy no voafidy ho filoha, mompera RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel mpikam-bana TERAKA sady teknisianina avy any amin'ny Distrikan'ny Fandriana faritra Amoron'i Mania sy RAKOTOMALALA Noelson mpikambana TERAKA avy any amin'ny Kaominina Amparibohitra Distrika Soavinandriana Faritra Itasy no filoha lefitra ary RATSIFARITANA Nivo izay mpiara-miasa avy aty amin'ny birao nasionalin'ny TERAKA no mpitan-tsoratra. Nandritra ny fivoriana dia nankatoavin'ny filan-kevitry ny mpitarika ny politika ankapobeny ho an'ny Vondrona Madinika TERAKA sy ny fomba famahana olana sy fitarainana TERAKA. Ireo tahirin-kevitra ireo dia azo jerena ao amin'ny tranonkalan'ny TERAKA (www.teraka.org). Raha mila dika an-taratasy ianao dia aza misalasala miantso ny birao. Tapaka nandritra io filan-kevitra io ihany koa fa isan-tao-na no hiova ny biraon'ny filanke-vim-pitarihana ary ny filan-kevitra am-perinasa dia mivory intelo isan-taona. Zava-dehibe ho an'ny fandaharanasa TERAKA tokoa izao nitsanganan'ny birao nasionalin' ny filan-kevitry ny mpitarika izao. Izany dia manaporofo ny fandraisan'ny tantsaha anjara amin'ny famolavola-na sy fampandehanana ny fandaha-ranasa, ny fandaharanasa TERAKA noho izany dia ataon'ny tantsaha ary ho an'ny tantsaha.



**Ireo mpandray anjara tamin'ny fivoriana voalohan'ny filankevim-pitarihana TERAKA.**

# 2 .DINGANA MANAN-DANJA MANKANY AMIN'NY FANAMARINANA KARBAONA HO AN'NY FANDAHARANASA TERAKA

Efa henonao ve ny atao hoe fanama-rinana Karbaona" ho an'ny tetika-sam-pambolena? Izany dia fanka-toavana ofisialy sy iraisam-pirenena manaporofo fa ny fambolen-kazo ataontsika dia mandray anjara amin'ny fampihenana ny Karbaona. Ankehitriny, izahay dia mirehareha milaza aminareo fa TERAKA dia nahavita dingana lehibe: ny PDD na tahirin-kevitry ny tetikasa TERAKA dia voapetraka eo amin'ny sehatra mpanamarina izany.

**Inona ary no atao hoe PDD na tahirin-kevitra tetikasa?**

Izany dia antotan-taratasy mamaritra amin'ny antsipirihany ny:

- fomba hahazoantsika tahiry Kar-baona amin'ny alalan'ny fambo-len-kazo
- fomba fiasa mba handrefesana sy hanamarinana ny fihenan'ny Karbaona, hiantohana ny fahatsa-ran'ny fitantanana sy hiantohana ny fiarovana ny tontolo iainana.
- habetsaky ny Tahiry Karbaona novinavi-naintsika hovokarina.
- dingana arahina mba hamokarana sy hiva-rotana ny tahiry Karbaona

Raha tsy misy io tahirin-kevitra io dia tsy afaka hanaporofo ny fahamarinan'ny tetikasa isika ary tsy afaka hahazo ny fanamarinana ilaina. Araky ny fomba fijery mangarahara voizin'ny TERAKA, io antotan-kevitra io dia azon'ny rehetra jerena ao amin'ny tranonkalan'ny TERAKA.

**Nahoana izany no manan-danja eo amin'ny tantsaha?**

- **Mampitombo ny fitokisana:** Vantany vao mahazo fankatoavana ny tahirin-kevitra fananganana tetikasa (PDD), ny mpividy ny tahiry Karbaona dia mahazo toky kokoa amin'ny kalitaon'ny asa ataontsika sy ny fahamarinan'ny fanisan-kazo. Mihamitom-bo ny fitokisany. Hasehontsika arak'izany fa matotra ny tetikasantsika.
- **Mitera-bokatsoa:** Tsara kokoa ny vidin'ny tahiry Karbaona rehefa novolavolaina tsara ny tahirin-kevitry ny tetikasa (PDD) ary manaporofo fa ny tetikasa dia manatanteraka tanjona avo lenta amin'ny fanarahana fenitra hen-jana.
- **Fiarovana ny tontolo iainana:** Amin'ny fanarahana fenitra avo dia miantoka isika fa hamokatra tombontsoa iombonana amin'ny asa ataontsika sy hiarovana ny tanintsika sy ny tontolo iainantsi-ka, manome antoka ny kalitao tsara kokoa ho an'ny fiainantsika rehetra.

Gazette Tohiravina 6-Mars.pdf 3 01/04/2025 15:40:28

### Ny fanoloran-tena iombonana ataontsika

Ho avy ny mpanara-maso iraisam-pirenena hitsidika ny sasany amin'ireo tanin-kazontsika mba hanamarina ireo hazo voatanisa sy hametraka fanontaniana amin’ireo mpikambana sasany. Hasehontsika fa samy tompon’andraikitra isika, handray azy am-pitiavana isika ary hanao izay hahazoana antoka amin'ny kalitaon'ny fandaharanasa ataontsika. Amin'izany dia mifampitantana isika ka hiara-handroso sady hitazona ny soatoavina maha-marina sy mahatoky antsika mba hanangana hoavy maitso, mamiratra ary maha-ritra ho an'ny tanàna sy ny fiarahamonina misy antsika.

## 3 .HO AMIN’NY HO AVY MAMIRATRA KOKOA: Ny fandaharanasa TERAKA sy ny fanisana hazo

### Inona no antsoina hoe fanisana hazo?

Ny « quantification » na « fanisana hazo » dia fanadihadiana ataon’ny ekipa eny ifotony izay nofanin’ny ekipa teknikan’ny fandaharan’asa TERAKA. Izy io dia fomba ahafahana manisa ny hazo velona novolen’ny mpikambana TERAKA ary manan-gona ny mombamomba ny vondrona madinika misy azy sy ny taninkazony. Ny volana Oktobra sy Novambra 2024 no nana-tanterahana ny fanisana hazo voalohany izay natao tany amin’ny Kaominina Ankarinoro, Sahamadio, Fiadanana ary Mahazoarivo ao amin’ny Distrikan’i Fandriana, Faritra Amoron’i Mania. 12 ny mpanisa hazo naparitaka ka nahatratra 23 928 ny hazo voaisa novolena mpikambana 492 izay miparitaka ao anaty Vondrona Madinika 67. Taorian’izay dia niroso tamin’ny fanamarinana ifotony ny atontan’isa voaangon’ireo mpanisa hazo ny ekipa teknikan’ ny fandaharanasa TERAKA tamin’ny volana Janoary 2025. Tao anatin’izany dia ny 10% n’ireo Von-drona madinika sy taninkazo no nanaovana ny fanamarinana.
Ity fanisan-kazo andiany voalohany ity dia nahafahana naneho ireo soatoavina TERAKA : mahitsy isika, marina isika, manga-rahara isika”. Hita taratra izany tamin’ny fahatsorana sy faha-marinan’ny valim-panontanian’ny mpikambana nandritra ny fanadihadiana. Teo ihany koa ny fiezahan’ny mpanisa hazo sy ny ekipa teknikan’ny fandaharanasa TERAKA amin’ny fanan-gonana tahirin-kevitra marina.

### Ny dingana manaraka:

Amin’izao fotoana izao dia manomana ny fanamarinana ataon’ireo mpanamarina iraisam-pirenena ny fandaharanasa TERAKA. Ity dingana ity dia hanamafy ny fahamarinan’ny fan-daharanasa TERAKA eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena sady ihany koa haneho ireo ezaka atao amin’ny fanarenana ny tontolo iainana.



**Mpanisa hazo tao Fandriana**

Zava-dehibe tokoa ny fanisana hazo satria io no dingana voa-lohany ahafahana miroso any amin’ny fandoavam-bola mialo-ha ho an’ny mpikambana. Mifototra amin’ny atontan’isa voa-marina avy amin’ny fanisana hazo mantsy ny fandoavam-bola mialoha. Ny fandaharanasa TERAKA dia maneho ny fankasi-trahana manokana antsika mpikambana noho ny ezaka izay nataontsika nandritra iny taom-pambolena 2023 - 2024 iny. Ny fiarahantsika mientana no antoka ho amin’ny ho avy maharitra ho an’ny fiaraha-monina misy antsika sy ho an’ny taranatsika.

## 4 .MIARADIA MITSINJO I : Modely azo alain-tahaka ho an’ny Vondrona Madinika

Mahavelom-bolo ny nahita ny fahavitrihana sy fahaiza-mika-rok’ireo Vondrona Madinika TERAKA. Amin’ity gazety ity dia hasongadintsika manokana ny ezaka ataon’ireo Vondrona Ma-dinika MIARADIA MITSINJO I avy any amin’ny Fokontany Faka-zato Kaominina Mahazoarivo Fandriana izay miasa am-pi-tiavana mba ho fampandrosoana sy fampaharetana ny asany. Manatanteraka ny fivoriana indroa isam-bolana ireo mpikam-bana amin’ny Vondrona Madinika ka mandritra izany dia mifa-mpizara traikefa sy manisa ny hazo sy ny zanakazo voavoly, maty sy velona izy ireo. Mampihatra ny fifandimbiasam-pitari-hana izy ireo mandritra ny fivoriana. Anjakan’ny fifanampiana sy ny firaisan-kina tokoa ity Vondrona Madinika ity, anisan’ny ahitana taratra izany ny fiombonan’ny mpikambana amin’ny fanokanana fotoana hanaovana lavaka ho an’ny tsirairay. Mba hialana amin’ny olana amin’ny tsy fahitana zana-kazo ho volena dia nanangana tanin-janakazo iraisana ny Vondrona Madinika MIARADIA MITSINJO I ka miara-misalahy izy ireo amin’ny fikolokoloana izany.

Tsy hadinon’izy ireo mihitsy ihany koa ny mandefa solontena 2 farafahakeliny hanatrika ny fivoriana isam-bolan’ny Vovo-nam-bondrona mba hanamafy ny fandraisany anjara amin’ny Vondrona hafa sy ny fandaharanasa.
Anisan’ny Vondrona Madinika TERAKA modely sy azon’ny rehetra alaina tahaka ity Vondrona Madinika ity. Mifanampy sy mifarimbona, miasa ireo amin’ny alalan’izay fahafahana eo am-pelantanany, miasa an-tsitra-po ary samy tompon’andraiki-tra izy ireo. Amin’izay rehetra ataony dia maneho ny soatoavina TERAKA izy ireo ary mendriky ny ho fakan-tahaka. Noho izany ry tantsaha namana, “Soa fianatra no mahavokatra” hoy ny ohabolan-drazantsika ka mahereza aby fa vitantsika io..

Gazette Tohiravina 6-Mars.pdf 4 01/04/2025 15:40:29



Vondrona Madinika Miaradia Mitsinjo I Mahazoarivo, Fandriana



Tanin-janakazon'ny Vondrona Madinika Miaradia Mitsinjo I

**FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA:** Anisan'ny fanontaniana matetika apetraky ny tantsaha liana amin'ny fandaharanasa TERAKA mandritra ny seminera ireto fanontaniana ireto. Indro ary itondram-panazavana eto ambany izany mba ho famaliana ny izay manitikitika antsika.

**Ahoana no ikajiana ny tahiry Karbaona ?**

Mba hahafahany mitombo, ny hazo dia misintona ny karbaona avy amin'ny rivotra amin'ny alalan'ny raviny sy ny tahony. Ny fikajiana ny fitehirizana ny Karbaona dia amin'ny alalan'ny fandrefesana ny hodidin'ny vatan-kazo sy ny famantarana ny karazany. Ireto farany dia ahafahana mamantatra ny tahan'ny Karbaona amin'ny alalan'ny maridrefin'ny agronomia sy ny ala . Rehefa tapahana ny hazo, dia mamoaka tsikelikely ny Karbaona eny amin'ny rivotra izy. Ny fandrefesana ny tahan'ny Karbaona dia ataon'ireo mpanisa hazo. Zava-dehibe noho izany ny fandraisana tsara azy ireo mandritra ny fotoana fandrefesana. Marihina fa ny fandoavam-bola dia tsy afaka atao raha tsy vita ny fanisana hazo. Amin'ny ankapobeny, ny hazo iray dia mitroka Karbaona 10 ka hatramin'ny 30 kilao isan-taona.

**Inona ireo karazana hazo tena mitroka Karbaona?**

Mitroka Karbaona daholo rehefa hazo.- Miankina amin'ny fepetra maro toy ny toetr'andro, toe-tany, ny karazan'ny hazo, ary indrindra ny fikarakarana ny fahafahany mitroka kokoa na tsia. Misy ireo karazan-kazo izay mitroka Karbaona haingana fa amin'ny taha ambany. Amin'ny ankapobeny, ny hazo mitombo miadana toy ny palisandra dia manana fitahirizana karbaona avo kokoa noho ny hazo maniry haingana. Ny tantsaha sasany dia manome lanja kokoa ny zavoka noho izy haingam-pitombo sady manana fahafahana hitahiry Karbaona amin'ny taha ambony.

Ny fandaharanasa TERAKA dia manindry feo manokana ho amin'ny fahasamihafan'ny karazan-kazo mba hahabetsaka kokoa ny anjara tomboantsoa fanampiny ho an'ny tantsaha.

**IREO FOMBA FANAO TSARA AMPIHARIN'NY VONDRONA MADINIKA TERAKA:**

- Ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika ao amin'ny Kaominina Fiadanana sy Mahazoarivo Fandriana dia nanangana tanin-janankazo iraisana . Miara-misalahy izy ireo amin'ny fikarakarana izany.
- Ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika MIARADIA MITSINJO I ao Mahazoarivo Fandriana dia mifarimbona amin'ny fanaovana lavaka ho an'ny fambolen-kazon'ny tsirairay.

**IREO VOA AZO ANGONINA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO:**

Ho fiomanantsika amin'ny fambolen-kazo dia indro atolotra antsika ireo karazana voankazo azo angonina amin'ity volana Marsa sy Aprily ity: voana zavoka, baie rose, pibasy, rotra, ramy, voaroy, zamborzana, ampalibe. Amporisihina ary isika tantsaha mba hiomana sahady sy hanangona izay voa salama tsara sy matoy.

**TSARA HO FANTATRA**

- Ny fandaharanasa TERAKA dia maharitra 40 taona, izany dia ahafahantsika mametraka fanomezana ho an'ny taranaka fara aman-dimby
- Ny Mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika dia afaka manafoana ny fifanarahana nifanaovana tamin'ny iTERAKA amin'ny fotoana rehetra, noho ny antony rehetra, arahan'ny fanomezana filazana an-tsoratra 60 andro mialoha ho an'ny iTeraka
- iTeraka dia tsy manam-paniriana ny hivarotra na haka ny tany sy ny hazon'ny Tantsaha
- Ny tantsaha dia mijanona ho tompon'ny hazo sy ny vokatra azony amin'ny fandaharanasa TERAKA, toy ny voankazo, ireo voa ary ny vokatra hafa azo avy amin'ny hazo.

## IREO MPIKAMBANA TERAKA NY 18 MARSA 2025

| Faritra | Isan'ny olona efa anaty Vondrona Madinika | Isan'ny Vondrona madinika | Isan'ny olona nisoratra anarana saingy mbola tsy anaty Vondrona Madinika |
|---|---|---|---|
| Amoron'i Mania | 2 020 | 242 | 1 601 |
| Alaotra Mangoro | 211 | 27 | 922 |
| Itasy | 1 054 | 119 | 2 670 |
| Vakinankaratra | 136 | 18 | 136 |
| Totaliny | 3 421 | 428 | 5 329 |

*Marihina fa ny atao hoe mpikambana ofisialy TERAKA dia ireo mpikambana efa anaty Vondrona Madinika*

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RATSIFARITANA Nivo,
RAKOTONIAINA Nambinina,
ANDRIANIRINA Topaniaina
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro

**www.teraka.org**

**Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :**
**+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11**
***Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM***